# MOFONAINA 28 OKTOBRA 2024 – II Petera 3:11-18

## FANDAHARANA

- Sal 5:1-3
- Hira HF 48
- Vavaka
- Hira 205/1
- Soratra Masina 2 Pet 3:11-18
- Hira HF 29/2
- HAFATRA
- Vavaka + RZA
- Fanekem-pinoana 1
- Hira 499/1
- Tsodrano

## II Petera 3:11-18

### Konteksta:

Fanararaotan'ireo mpanao fampianaran-diso ny faharetan'Andriamanitra amin'ny fiverenany. Nosoratana ity toko ity ho fanamafisana orina ny finoana sy ho fampitandremana eo am-piandrasana ny fihavin'ny Tompo.

**Mpino mihavao mandra-pihavin'ny Tompo:**

---

### 1 – Mihavao amin'ny fahamasinana (andininy 11-12)

II Pet 3:11-12

**Fampiharana:** Fiainana mihohoka amin’ny fahotana samihafa. Manaiky mora ny zava-misy. Mifanaja zo.

**ANTSO:** Na izany aza, tadiavo ao amin’i Jesoa izay ihavaozan’ny fahamasinana.

---

## 2 – Mihavao amin’ny fanantenana (andininy 13)

II Pet 3:13

**Fampiharana:** Fiainana miondrika ao amin’ny fahoriana sy ny mora levona.

**ANTSO:** Na izany aza, tadiavo ao amin’i Jesoa izay hihavaozan’ny fanantenana.

---

## 3 – Mihavao amin’ny fanompoana (andininy 14-16)

II Pet 3:14-16

**Fampiharana:** Sarotra ny mahita fanoloran-tena madio. Vitsy ny manda tena hiasa amin’ny fahazotoana. Mipasoka ny efa malama no betsaka.

**ANTSO:** Na izany aza, aza mandrimandry manan-draharaha. Aza mionona amin’ny efa vita. Tadiavo ao amin’i Jesoa izay hihavaozana amin’ny fanompoana.

---

# 4 – Mihavao amin’ny fahalalana (andininy 17-18)

II Pet 3:17-18

**Fampiharana:** Rehefa tsy mahalala ny olona dia voafitaka sy voambaka (Mitafia gony!). Rafitra tokoa: fihavaozana hafahafa. Be ny malaina mianatra fa mitsimpontsimpona (mitsindroka) izay sendra ren’ny sofina. Sarotra ny fotoana hampitomboana fahalalana.

**ANTSO:** Na izany aza, tadiavo ao amin’i Jesoa izay hihavaozana amin’ny fahalalana.

---

**Mihavaoza ao amin’ny Tompo mandra-pihaviny:**

- Amin’ny **fahamasinana**
- Amin’ny **fanantenana**
- Amin’ny **fanompoana**
- Amin’ny **fahalalana**

**Ho an’Andriamanitra Irery ny Voninahitra.** Amena.